## Fivorian'ny parlemanta
# Hivory indray ry mamboky voky tsy mamboly voky 4


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 15 oktobra 2019 Laharana 966 Vidiny : 400 Ar


## Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 158), Madagasikara 13 Oktobra 2019 5


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Raharaha Ambohitrimanjaka 2

# Tsy soatoavina malagasy ny famindran-toerana amboletra



### Traikefan'ny Frantsay sy Amerikana 3

# Hampihàrin'i Rina eto larivo ho tombontsoan'ny vahoaka



### SAMUEL N°01 SAMBAINA MANJAKANDRIANA 3

## Kandidà efa manana traikefa amin'ny fitantanana tanàna



### Tranombarotra Baolai 7

## Nahatonga entana maro, loha-laharana amin'ny kalitao

### Mijaly rano ny mponina 7

## Matsaka amin'ny renirano hatramin'ny orinasa afaka haba

### Tsy fandriampahalemana 6

## Mpanara-dia iray maty, dahalo 2 azo sambo-belona

### Daka kely

Hanaovana propagandy ve ilay «2e session» ry Boaikely a !

### TIM Ambohimanambola 2

## Natolotra ny sabotsy teo ny kandida Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina



SAMUEL N°01 SAMBAINA MANJAKANDRIANA

## Kandidà efa manana traikefa amin'ny fitantanana tanàna

Ravonjiarivelo Samuel no kandidà ben'ny tanàna avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) any Sambaina distrikan'i Manjakandriana, izay N°01 ao amin'ny biletà tokana. Efa manana traikefa amin'ny fitantanana tanàna izy satria efa nanana andraikitra nandritra ny taona maromaro tao amin'ity kaominina Sambaina Manjakandriana ity. Manambady, manan-janaka 2 ary zafikely 2 ity kandidà ity. Mpandraharaha mpitatitra ny tenany, filohan'ny kaoperativa FITAMI Manjakandriana. Efa lefitry ny ben'ny tanàna ny taona 2002-2007, tamin'ny ben'ny tanàna Alfred. Efa mpanolotsaina kaominaly ny taona 2015-2019, tamin'ny ben'ny tanàna Mamisoa. Filoha tamin'ny fanamboarana ny tetezana Ankadimanga. Eo amin'ny sehatry ny finoana, loholona ao anivon'ny fiangonana FJKM. Teo amin'ny sehatry ny fanatanjahantena, efa nahazo medaly volamena tamin'ny Marathon International teto Antananarivo ny taona 1986, ny kandidà ben'ny tanàna Ravonjiarivelo Samuel. Manana ny mari-boninahitra chevalier de l'ordre national Malagasy. Filohan'ny Com-TIM Sambaina ny taona 2003 ka hatramin'izao. Namafisiny fa vonona ho amin'ny tena fampandrosoana an'i Sambaina ny tenany, ho an'ireo vonona hanampy dia afaka miantso ny finday 034 73 454 13. Ho an'ny kandidà mpanolotsaina ao amin'ny kaominina Sambaina avy amin'ny antoko TIM, N°01 koa izy ireo amin'ny biletà tokana, amin'ny fifidiananaa ny 27 novambra ho avy izao.



*Ny kandidà Ravonjiarivelo Samuel avy amin'ny TIM, any amin'ny kaominina Sambaina Manjakandriana.*

***Isambilo***

TIM Ambohimanambola

## Natolotra ny sabotsy teo ny kandida Ben'ny tanàna sy Mpanolotsaina

Notanterahina ny sabotsy 12 oktobra lasa teo tao Ambohipeno kaominina Ambohimanambola, distrikan'Antananarivo Avaradrano, ny fanolorana tamin'ny fomba ofisialy ireo kandidan'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), ho an'ity kaominina ity. Ny fotoana dia notarihin'ny solombavambahoakan'i Madagasikara Gerry Randriambolaina sy ireo biraon'ny antoko eo anivon'ny distrika. Nohamafisin'ity farany fa nandalo sivana ireo kandida ary ny fanendrena dia nataon'ny filohan'ny antoko Marc Ravalomanana. Ny vina napetrak' ireo kandida dia mifototra amin'ny fampandrosoana ifotony ary mifandraika amin'ny fomba fijerin'ny antoko. Ramatoa Nantenaina Rahagarison no kandida ho Ben'ny tanàna, Neny Nantenaina mitondra ny laharana faha-5 amin'ny bileta tokana. Nohamafisiny tamin'ny lahateny izay nataony ny fahavononany hitondra ny kaominina. Efa hananako hoy izy ny drafitra ombam-paikady entina hampandrosoana ny kaominina. Tsy niononana tamin'ny fahafantarany ny kaominina nandritra ny fotoana naha ben'ny Tanàna lefitra azy izy fa mbola nidina nitety ireo vohitra 47 mandrafitra ireo fokontany 10, naka ireo hetahetan'ny mponina. Ny fampandrosoana ny sosialy hoy izy no anisan'ny laharam-pahamehana anatin'ny lahasa izay hataony. Ireto avy ireo kandida ho mpanolotsaina, izay mitondra ny laharana faha-8 amin'ny bileta tokana, Ramatoa sy Andriamatoa isany Emile (Ampahimanga), Meme (Tanjonandriana), Aina (Ambohimahatsinjo), Jacques (Ambohipeno), Jimmy (Ambohipeno), Heritiana (Antanetibe), Benjamin (Ampahimanga), Feno (Ambohimanambola Tanàna), Fanja (Ambohimanambola Gara) ary Juliette (Iharamy). Naneho ny fahavononany hitondra fampandosoana sy hikatsaka ny mahasoa ny tanàna koa izy ireo. Tsy ho tsangan'olona fotsiny fa tena hijoro hanao ny asany. Mahafantatra ny filan'ny vahoaka izy ireo ary vonona hitondra izany eo anivon'ny mpitondra mpanatanteraka. Tonga avokoa ireo solontena dimy isam-bohitra. Feno fanantenana izy ireo ary matoky tanteraka ireo kandida. Nilaza koa ny fahavononany hiara-hiasa. Velom-panantenana izahay hoy izy ireo ary miombona tanteraka amin'ny teny filamatra hoe : "ho reharehantsika Ambohimanambola".



*Ny kandidà ben'ny tanàna (mananga-tanana), sy ireo kandidà mpanolotsaina ao amin'ny kaominina Ambohimanambola Avaradrano.*

***Helisoa***

Filoha Rajoelina

## Nomeny toerana ireo akamakama na tsy mifanaraka amin'ny traikefany ny toerana

Sokafy ny masontsika vahoaka Malagasy rehetra fa miverina eo amin'ny fitantanana ny firenena ilay fanomezana toerana ambony ho an'ireo akamakama, mpila ranondranony amin'ny filoha Andry Rajoelina amin'izao fotoana izao, na tsy mifanaraka amin'ny traikefa sy ny fahaizan'izy ireo aza ilay toerana. Miainga eo amin'ny fiadidian'ny Repoblika, midina eo anivon'ny Governemanta, ny Ambasadaoro misolotena ny firenena Malagasy any ivelany, ny Solombavambahoaka, Governora, na dia tsy mifanaraka amin' ny Lalam-panorenana aza, ny tompon'andraikitra any amin'ny Faritra, ny distrika, Kaominina, eny, hatrany amin'ny Fokontany, ny Tale isan'ambaratongany, na eto an-dRenivohitra io, na any amin' ny Faritra. Ampidirina ao avokoa ireo lohandohan'ny mpisorona nanongam-panjakana tamin'ny taona 2009. Aleo tsorina fa dia ireo antsoina hoe TGV- Boys ny ankamaroany no nomena toerana, mba samy mihinana sy manao tantely afa-drakotra ny harem-pirenena amin'izay. Haka ny anjarany izy ireo, dieny mbola eo am-pelantanana ny fitondrana, sao atahorana hivadika amin'ny filoha Rajoelina raha tsy omena toerana sy tambatambazana. Ireo TGV Boys ireo anefa dia efa nampitondra faisana ny firenena nandritra ny tetezamiitatra 5 taona ngarangidiny, sady nahatonga an'i Madagasika ho voasazy, tsy nahazo famatsiam-bola avy tamin'ireo mpamatsy vola iraisam-pirenena, tamin'izany fotoanana izany. Latsaka an-kady i Madagasikara tamin'izany. Raha tsaroantsika anefa fa dia izy ireo ihany no nanenjika mafy sy nanakiana ny Filoha teo aloha Marc Ravalomanana ho nampiasa ny Tiko Boys teo amin'ny fitantanana ny firenena. Tsy hotononina ny anaran'ireo TGV boys ireo fa dia fantatry ny vahoaka maro avokoa izy ireo, ka na efa namono olona izao aza na olona efa nomelohin'ny fitsaràna, nanodinkodina ny fananam-panjakana, ny volam-panjakana, nanondrana Andramena sy ny harena an-kibon'ny tany: volamena, vatosoa dia nomena toerana indray eo amin'ny fitantanana ny firenena. Inona moa no fandrosoana nivaingana tamin'ireny tetezamita ireny. Mankaiza koa isika Malagasy amin' izao fotoana izao? Firy amin'ny vahoaka no afaka miteny fa mandroso i Madagasika, tena tsy miadana ny vahoaka miaina ao aminy. Mahantra avokoa ny ankamaroan'ny sarambamben'ny mponina, difotry ny fahasahiranana ny isan-tokantrano ary diso fanantenana tanteraka amin'ilay IEM ny valalabemandry amin'izao fitondrana Rajoelina izao. Ny IEM izay mbola any an-kibon'ny omby satria tsy hahavaha olana velively ny olan'ny vahoaka Malagasy. Mbola ny ampahatelon'ilay tetik' asan'ny filoham-pirenena, hono, no atao amin'ilay Tana-Masoandro mandritra ny 4 taona manaraka, fa miandry any aoriana ny ampahany. Dia ho faty noana eto isika Malagasy raha izao fomba fitondrana izao. Tsy lany teo amin'ny fitondrana mihitsy Andry rajoelina raha izany no nambarany nandritra ny fampielezan-kevitra. Mbola eo koa ny halabato isan-karazany nandritra ny fifidianana. Aoka isika tsy ho sodoka ny kisarisary fanehoana ataon' ity fitondrana ity, fa ny zava-misy nataony, hita maso sy ny efa niainana no jerena, ny ho avy no banjinina, ka aleo atao lavitry ny saina ny fitapitaka mampandry andrisa ataon'ity fitondrana TGV-MAPAR BOYS ity, fitondrana mifototra amin'ny lainga sy ny fitapitaka…

***Rajaonarimpanontsana***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Raharaha Ambohitrimanjaka

## Tsy soatoavina malagasy ny famindran-toerana amboletra

Hinia mikimpy eo anoloan'ny fitarainan'ireo mponina eny Ambohitrimanjaka ve ny fitondrana Rajoelina ? Mponina izay ho very tanimbary, tanindrazana, toeram-ponenana. Ny fahitana azy, fandratrana ny mponina, ny vahoaka Malagasy sy ny firenena izao zava-mitranga eny an-toerana kasaina hanatanterahana tetikasa Tana-masoandron'ny fitondrana izao. Maratra satria toerana efa nahalatsahan'ny tavony, nanankinana ny fiainana manontolo ary tsy nandalo niserana na kely akory tao an-tsaina ny hiala eny, no terena amboletra ankolaka hialàna eny. Ny Malagasy, ary raha mbola Malagasy ihany koa, dia tsy kolontsainy tsy soatoaviny, velively izany handao ny taniny izany. Fahoriana ho azy ny manao izany ary miteraka alahelo ao anatiny, indrindra raha tsy safidiny, eny raha tsy safidiny aza fa noho ny antony tsy azony anoharana intsony vao manao izany izy. Eto anefa, tsy nifampierana taminy akory ny fanesorana azy eny amin'ny tanànany, miendrika amboletra ihany izany. Manaporofo izay ny fisian'ireo mpitandro filaminana mankeny an-toerana, izay miendrika fampihorohoroana ireo mponina manohitra ny fanotofana ny tanimbariny.
Etsy ankilan'izany, tsy miahotra ny solontenam-panjakana izay ahenoina feo amin'izany milaza fa hafindra any an-toeran-davitra, any Bevoay, ireo mponina tantsaha mpamboly ireo. Koa maninona tsy ilay tetikasa sy ny olona ketrehina hipetraka ao anatiny no nitadiavan-toerana tany ivelan'Antananarivo tany, fa ireo mponina ireo? Inona no ambadik'izany ? Ho an'ny mpandinika sasany, dia tena miendrika fanilihana ankolafin'olona eto amin'ny firenena mihitsy izao toe-javatra eny Ambohitrimanjaka izao. Ailika alefa maka toerana any amin'ny « sisiny », fa ny « laka » omena ny mpanambola, hoy izy ireo.
Ny vahaolana atolotry ny fitondrana hatreto dia tsy maharesy lahatra ny mponina. Mazava loatra fa tsy maintsy ho izay satria tetikasa tsy ampy fandalinana sy fiheverana ny hafa. Raha mitsinjo ny vahoaka marina dia tsy ho notanterahina teny io tetikasa io, fa fanatsarana ny tany fambolena sy ny fiompiana, mba hampitombo ny vokatra eny, ka hahatsara ny fari-piainan'ny vahoaka aza no nifoforana mafy. Tsy hampiova n'inona n'inona amin'ny fari-piainany sy ny fihariana ataon'ireo mponina ireo ary tsy hampitombo na hanatsara ny maha izy azy velively anefa ny vahaolana famindrana azy ireo any amin'ny toeran-kafa.
Mahakasika ity raharaha ity, mitohy hatrany ny hetsik'ireo vahoaka tsy manaiky ny hanotofana ny tanimbariny. Nifarana teo amin'ny fefiloha atsimon' Ikopa manandrify ny barrage ampitan'ny art-malagasy ny hetsik'ireo vahoaka mivelona amin'ny tanimbary eny Ambohitrimanjaka, Ambohidrapeto, Ankadimanga ary Fiombonana, ny faran'ny herinandro teo. Niampy ireo fokonolona monina eny amin'ny fokontany Anosibe-Izaivola ireo nanao fihetsiketsehana. Tsy navela niampita ny tetezana Ambohitrimanjaka izy ireo tamin'izany, izay marihuana fa vahoaka maro be sesehena tokoa.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Raharaha Ambohitrimanjaka

# Tsy hilamina mihitsy fa mila hafindra amin'ny toeran-kafa

Tsy milamina mihitsy ny toe-draharaha eo amin'ny sehatra rehetra eto amin'ity Nosy manana harena voajanahary ambany sy ambonin'ny tany ary anaty rano ity, kanefa anisan'ireo firenena manana mponina mahantra indrindra maneran-tany.

Isan-taona dia manafatra vary eo amin'ny 300.000 taonina eo ho eo isika Malagasy. Angamba tsy maharaka ny fitomboan'ny mponina ny voka-bary satria ny tanimbary ihany koa tsy mitombo, ka na dia nisy ezaka nataon'ny fitondrana Ravalomanana tamin'ny alalàn'ireny fifaninanana momba ny fambolem-bary sy nisian'ny "vitrine" teny Iavoloha, ka tanety no nojariana, ka lasa tanim-bary. Tsy vitan'izany fa nampanao fifaninanana ihany koa ny fitondrana tamin'izany, ka vola amina tapitrisy maro no natolotra izay namokatra folo taonina mihoatra isaky ny hektara. Efa nisy ny tetikasa koa momba ny fanitarana ny tanànan'Antananarivo, ka teny amin'ny kaominin'Ambohimangakely iny no saika natao izany. Nahafantatra koa ny politisiana tamin'izany fotoana izany ny momba ilay "Pudi" (Programme urbain de développement integré), ka isaky ny renivohi-paritany no efa nanaovana atrik'asa nentina nanatanteraka izany. Nanaovana fifanarahana fampanofana tany ny orinasa Daewoo tany amin'ny faritra Analanjorofo saika nanaovana fambolena izay tokony niteraka asa ho an'ny tanora kanefa dia ity raharaha ity no novoizin-dRajoelina Andry, ka nanenjehany sy namendrofendroany ny gasy izay notarihana nanongam-panjakana. Tsy izay ihany fa nisy ihany koa ny fifanarahana tamin'ny Arabia Saodita momba ny fivarotana ny rano avy ao amin'ny reniranon'i Mananara kanefa dia nolazaina tamin'izany fa fivarotana tanindrazana no nataon'ny fitondrana Ravalomanana Marc. Ny zavatra tsy takatry ny sain'ny gasy dia ny renirano mikoriana anie dia mivarina any anaty ranomasina, ka amina arivo tapitrisa metatra toratelo no very fotsiny isan'andro. Tombontsoa maro ho an'ny Malagasy sy ny faritra any no naterak'ilay fifanarahana raha tsy nosomparana ihany koa. Mirehareha ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, ka nilaza tao amin'ny gazety boky iray aty Afrika hoe: "manana ny zavatra rehetra izahay ka tsy maintsy tafita" (nous avons tout pour réussir). Tsy voafaritra mazava moa hoe izy izany "izahay" izany. Mihambo ihany koa fa ho "sompitra" aty amin'ny Ranomasimbe indiana i Madagasikara. Ny manitikitika dia izao: ny nanomezany zezika sy masomboly ho an'ny tantsaha any Matsiatra Ambony ve dia ampy hahatratrarana izany tanjona izany. Rehefa ho totofana ny tanimbarin'ny tantsaha eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina dia hitera-bary ny trano mijoalajoala kasaina hahorina eny ve? Lazaina fa 300 hekitara ihany aloha no hototorana amin'ny voalohany. Velaran-tanimbary in-dimy avo heny amin'ny 67 Ha izany, ka firy taonina ny voka-bary tokony ho azo amin'izany. Lazaina ihany koa fa ho tombontsoan'ny Malagasy raha tanteraka ny tetikasa. Ny manitikitika ny maro dia ampahafirin'ny Malagasy no hisitraka izany tombontsoa izany. Ny zava-doza anefa dia aty am-piandohana dia efa vahoaka Malagasy amina arivony maro no ho esorina eo aminy ny tanimbariny izay miantoka ny hohaniny, ka ho voatery hividy vary izy. Tsy vitan'izany fa mbola hafindra monina any amin'ny tany tsy fantany sy tsy azony antoka fa hisy hihantra azy, ka hanome tany hanoreneny trano sy hamboleny. Na hatsangana any aza ny "tsena mora" dia tsy hamaha ny olana izany satria izay vola heverin'izany komity hatsangana izany mba hanonerana izay fiantraikan'ny fangoronana ny tany sy ho sandan'ny famindrana azy monina dia tsy ho amin'ny tombontsoan'ireto mponina eny Ambohitrimanjaka ireto. Raha nanao tetikasa nanitarana ny tanànan'Antananarivo ny fitondrana Ravalomanana dia tsy nisy resaka fanotorana tanimbary ka porofon'izany ny nanajariana ny tanety ho tanimbary teny Iavaloha tamin'ilay "vitrine". Matoa misisika sy manao tery vay manta ny fitondrana Rajoelina Andry momba ity resaka fanotorana tanimbary ity dia sady tsy tombontsoa ho an'ny mponina eny Ambohitrimanjaka no tsy hisy ho an'ny Firenena ihany koa fa hisitraka tombontsoa mihoam-pampana ny olombitsy manampahefana sy manana fahefa-mividy hanofana ny trano mijoalajoala hahorina eny. Ny vahoaka eny antoerana kosa dia ho "voa roa toy ny dakam-boriky" satria sady hesorina aminy ny taniny no mbola voatery hividy vary koa izy ireo avy eo.

**_Andry Tsiavalona_**

**TRAIKEFAN'NY FRANTSAY SY AMERIKANA**

# Hampihàrin'i Rina eto Iarivo ho tombontsoan'ny vahoaka



*Ny ben'ny tanànan'i Alexandria, any Virginia Etazonia, nihaona tamin'i Rina Randriamasinoro.*

Vita ny fiofanana sy fifanakalozana traikefa nataon'ny kandidà ben'ny tanàna, Rina N°02 eto Antananarivo Renivohitra, tany Frantsa sy tany Etazonia. Hiverina an-tanindrazana anio ity kandida avy amin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) ity. Hanamafy ny fifanerasera-rana amin'ny vahoaka amin'izay ny tenany. Nitety sy nifanakalo traikefa tamin'ny ben'ny Tanàna tany Etazonia sy tany Frantsa izy nandritra izay andro maromaro izay. Hafa ihany ny fiarahana amin'ny matanjaka, izay no anisan'ny fototry ny diany tany amin'ireo firenena ireo, ary hampihàriny eto amin'ny Renivohitr'i Madagasikara ny traikefa azony tany, ho tombontsoan'ny vahoakan'Iarivo. Nandritry ny fivahinianany tany Etazonia dia nasain'ny ben'ny tanànan'i Alexandria, Virginia City Hall, Justin Wilson izy. Nandritra izany no nisian'ny fifanakalozana teo amin'ny roa tonta, ka nampahafantarin'i Justin Wilson ny fomba fitantanana tanàna. Tsy lavitra an'i Washington DC, renivohitr'i Etazonia, no misy an'i Alexandria, Virginia City Hall, ary anisan'ireo tanàna manankarena indrindra ao Amerika. Tanàna mandroso sy madio ihany koa ary ahitana taratra ny fiaraha-miasa eo amin'ny mpitondra sy ny vahoaka. Ny novambra 2018 no lany ben'ny tanànan'i Alexandria i Justin Wilson ary haharitra telo taona ny fotoana itondrany, ary mbola afaka hirotsaka hofidiana izy aorian'izay. Mialoha izany dia efa nitàna ny toeran'ny lefitry ny ben'ny tanàna izy ary mpikambana tao amin'ny filankevitry ny tanàna nandritry ny 6 taona. Nandritra izany fihaonana izany dia efa nanatsidika sahady ny amin' ny fahavononany hiarahiasa amin'ny tanànan' Antananarivo renivohitra ity ben'ny tanàna ity. Ankoatra ny fihaonana, tafiditra tao anaty fandaharam-potoanan'ny kandidàn'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, ihany koa ny fitsidihana ireo fotodrafitr'asa tantanan'ny kaominina ary nisongadina tamin'izany ireo natokana ho an'ny tanora. Nanotrona sy nitari-dàlana an'i Rina Randriamasinoro tamin'ny fitsidihany tany Etazonia ireo mpiara-miasa teo aloha tamin'ny filoha Marc Ravalomanana, izay efa manana andraikitra any Etazonia, toa an'i Ivohasina Razafimahefa, izay manana andraikitra ambony eo anivon'ny tahirim-bola iraisam-pirenena (FMI); Marius Ratolojanahary mpampianatra amin'ny Oniversite; Hajanirina Razafinjatovo, efa ministry ny fanabeazam-pirenena sy ny fitantanambola sy ny tetibola teto amintsika tamin'izany fotoana. Tamin'ny fandalovana tany Frantsa omaly, nihaona tamin'i Aina Kuric, depiote ao Marne France, izay Malagasy i Rina, ity depiote ity izay fantatry ny rehetra tamin'ny fahasahiany nijoro sy mitana ny heviny, ka nahatonga azy niala tao amin'ny hetsiky ny « République en Marche ». Nisongadina tamin' izany ny fifanakalozana sy ny fifampizarana traikefa teo amin'ny sehatry ny politika sy ny fitantanana tanàna.

**_Helisoa_**

## NY TENY FIAINANA



***II Korintiana 3:17***

*Ary ny Tompo izany Fanahy izany;*
*ary izay itoeran'ny Fanahin'ny Tompo no itoeran'ny fahafahana.*

## Tokony hatao amin'ny havoana toy ny an'i Père Pedro ny Tanamasoandro

**Kamisy Grégoires :** fa maninona no Ambohitrimanjaka no tsy maintsy hanaovana ilay ville vaovao? Tsy maintsy manototra tanimbary tokoa ve? Jereo nefa i Père Pedro ery an-tendrombohitra nanao ny tanàna vaovao Akamasoa 30 taona lasa izay.

**Everald Fidison Juan :** zahay mba miangavy any president rehefa tsy tian-dreo ao @renivohitra de afidrao aty @faritra fa manjary resabe ao fotsiny ville nouvelle io.

**Batmanforever :** ataovy eny@ taniny filatex io, sady tsy mamboly vary izy no misy antokasa hivelomany, sady io koa akaman'i Rajoelina,fa tsy mila HAJO mitonantonana eny satria t@ tetezamita dia izy no premier responsable t@ fangalany filatex ny tanimbary teny@ by pass hatrany Ambohimanambola.

**Mparany Taratra Andriamampionina :** atao eny ambony tendrimbohitra dia andeh indray lay fiteny hoe mihotsaka ny tany e! Misy vato mianjera e!

**Bryan Win :** tsy mitombina izany, ny tanànan'i Père Pedro, tsy misy vato mianjera na mihotsaka izany hatramin'izao.

**Iary Raharisoa :** na ny vola lany amin'ny fanotorana tanimbary aza ve tsy efa hitovy amin'ny vola lany hananganana an'ilay tranobe.

**Dimitri Manantsoa Razaf :** Stratégique lay toerana @olona mpanambola B, dia izay no mampisisika azy eny Ambohitrimanjaka, fa tokony tsy hanaiky hatramin'ny farany ny olona.

**Toni Cat :** manototra tanimbary = acte contre nature.

**Endrikanjaka Rajoelisoa :** ka izay anie no antony nanoherana ny fitondrana teo aloha e. Aiza koa no hisy an'izany hoe: rehefa eny dia eny. Didy jadona izany. Mbola midadasika i Madagasikara, noho izany ataovy amin'ny toeran-kafa io Tanamasoandro io.

**Pascalin Radera :** revin-gadra tsy ho tanteraka ny Tanamasoandro, fa ho avy ny fifidianana dia mody hoe hanao, nefa tsy hahavita akory Rajoelina sy ny forongony.

## TONONKALO

### Sehatra mpanara-maso ?

Sehatra mpanara-maso , izay no anarana isalorany.
Toa tsy antoko politika raha jerena sy tombanana,
Fa ny fomba amam-panaony sady tetika ifotorany
Dia maneho fa misy "akama" izay heveriny hotohanana.

Sehatra mpanara-maso no anarana iafenany,
Ary dia ny manakiana no talenta tena ananany.
Ireo tsy tiany dia lotoiny tsy hahita izay hiarenany,
Ary ny olony sy akamany dia hajainy sy tantanany.

Sehatra mpanara-maso , tena anarana manaitra.
(Miafina ao ny akamakama tsy nahomby tany ho any.)
Raha jerena ety ivelany , toa akanjo tsara zaitra,
Kanjo nony injay hatonina , tena ny tranainy ihany.

Sehatra mpanara-maso , misy koa ny zandrinjandriny,
Tonga mba hampiaka-peo sy hanatevina laharana,
Ary maika , tena maika f'efa mila tsy ho andriny,
`Zany hanan-toerana avo mba ho valin-kasasarana.

Sehatra mpanara-maso , mahagaga ny mpitazana.
(Manampahefana maro , tena tao no niandry seza!)
Saingy niova sy nivadika ho mpivaro-tanindrazana,
Nony injay nahazo toerana ka nanomboka ho ngeza.

Sehatra mpanara-maso , izay no voizina eny ho eny,
Kanjo hay tsy hafa akory f'io dia "efitra fiandrasana".
Ao ny ngeza no miery , tsy mitsahatra miteny,
Mandra-piandry ilay atao hoe "toerana ifandimbiasana" !

Sehatra mpanara-maso, `ndeha jereo ireo niainga tao
Fa ao anaty fitondrana izay mijoro ankehitriny.
Aoka ho menatra ianareo fa be no tsisy kalitao,
Voavidim-bola sy efa tena kilalaon`ireo vahiny !

***DADAN`i ZINA (12-10-19)***

14 OKTOBRA 1958

## 61 taona ny nijoroan'ny Repoblika teto Madagasikara

Ny 14 oktobra 1958 no nanambarana ny fijoroan'ny Repoblika voalohany teto Madagasikara, arak'izany, 61 taona omaly no nanambarana ofisialy izany fijoroan'ny Repoblika voalohany teto amintsika izay. Taorian'ny fitsapankevibahoaka natao ny 28 septambra 1958 namantarana ny safidin'ny Malagasy, ka nandresen'ny « ENY » tamin'ny voka-pifidianana 77%, izay midika fa miditra amin'ny fahaleovantenany, kanefa mijanona miaraka amin' ny Frantsay hatrany ny Malagasy. 14 oktobra 1958 no nambara tamin' ny fomba ofisialy, tao amin'ny lycée Galliéni Andohalo amin'izao fotoana, fa firenena mahaleotena i Madagasikara. Natao fetim-pirenena malagasy ny 14 oktobra nanomboka tamin'izany, ary mbola misy faritra mankalaza io daty io mandraka ankehitriny. Nanomboka teo dia rafi-pitondrana repoblikana no tapaka fa najoro eto Madagasikara, ary tsy manan-kery teto intsony ny rafitry ny fanjanahantany Tsy nandalo fotsiny ny datin'ny 14 Oktobra 2019 ho an'ny BR na Bâtir la République). Nanomana hetsika ho fankalazana izany tsingerin-taona izany ny BR tamin'ny andron'ny omaly. Natomboka tamin'ny fitsidihina ny Lapan'ny Praiminisitra teny Andafiavaratra Antananarivo izany. Nitohy tamin'ny fitsidihina ny « Musée de la photographie de Madagascar » teny Andohalo ny dia, ny fiafaran'ny tolakandro. Nisy koa ny famelabelarana narahina adihevitra mahakasika ny « Toeran'ny fahefana aradrazana ao anatin'ny rafitra Repoblikana » no namaranana ny fandaharam-potoana. Nifarimbona tamin'io famelabelarana io i Lomotsy Ludovic, Mpitsara, ary Rabearison Vahömbey, Injeniera arakolontsaina sady Mpanandro, ary Randriamaniraka Michaël, mpahay momba ny fifandraisan'ny kolontsaina sy politika.



*Ny fanambarana tao amin'ny Lycée Galliéni, na Lycée Andohalo amin'izao fotoana, fa Repoblika i Madagasikara, nanomboka ny 14 oktobra 1958.*

***Isambilo***

Fivorian'ny parlemanta

## Hivory indray ry mamboky voky tsy mamboly voky

Anio talata 15 Oktobra 2019 no hanomboka ny fivoriana ara-potoanan'ireo fahefana mpanao lalàna dia ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona eto amintsika, satria voafaritry ny lalàna fa isaky ny talata fahatelon'ny volana Oktobra no fanombohan'ny fivoriana ary mifarana ny zoma farany amin'ny volana Desambra. Fivoriana hifantoka amin'ny fandaniana ny lalàna hifehy ny tetibolam-pankana na ilay antsoina amin'ny teny frantsay hoe "session budgétaire", kanefa na izany aza tsy misakana ny fandinihana sy fandaniana tolo-dalàna sy volavolan-dalàna hafa izany. Mifanindry ny fotoam-pivoriana sy ny fotoanan'ny fampielezankevitra amin'ny fifidianana Ben' ny Tanàna sy mpanolotsainan'ny Tanàna, koa azo antoka fa ho maro indray ireo olomboafidy hanao tsidi-pahitra ny lapa eny Tsimbazaza sy Anosikely, aorian'ny fifidianana, izany hoe any amin'ny fiandohan'ny volana Desambra any ho any, vao ho tonga maro ireo mpivory, manome vahana an'Ingahy Ministra miadidy ny fitantanambola sy ny teti-bola izany, satria ho fohy ny fotoana handinihana ny lalàna mifehy ny teti-bola, ka tsy ho sarotra ny mampandany izay volavolan-dalàna haroso eo.

Miverina ao an-tsaina ny fepetra hentitra tamin'ny fotoana nitondran'ny Filoha Ravalomanana , fa izay loholona sy solombavambahoaka tsy tonga mivory, dia tsy mahazo ilay tambim-pivoriana isan' andro na "indemnité de session journalière".

Raha tena vonona hanao ny asany ara-dalàna ireo depiote sy loholona, dia tokony hanana fahasahiana hanambara amin'ny fahefana mpitsara na ny Fisarana Avo momba ny Lalampanorenana ny fanitsakitsahana ny lalampanorenana ataon'ny fahefana mpanatanteraka tamin'ny fanendrena "governora", ary indrindra hitaky ny fampiharana arabakiteny ny lalàna mifehy ny teti-bola, indrindra mikasika ny fanampiana ara-bola ireo kaomina.


Ny Kaomina Antananarivo Renivohitra nandritra ny fotoampiasan' i Neny Lalao Ravalomanana dia tsy mbola nahazo ny anjara vola fanampiana avy amin'ny fanjakana, kanefa mahita 1000 tapitrisa Ariary ho an'ny "governora " ny fitondrana, koa tokony hiray hina ireo depiote 12 voafidy teto Antananarivo Renivohitra hitaky izany ary hijoro tsy hisy fijerena loko politika. Tsiahivina fa taorian'ny fahataperan'ny fotoam-piasan'ny solombavambahoaka farany teo, dia nahazo fahefana avy amin' ny fahefana mpanao lalana roa tonta Ingahy filoha, hanapaka momba ny fanitsiana ny lalàna mifehy ny teti-bola 2019, efa foana io fahefana io taorian'ny fijoroan'ny Antenimierampirenena, noho izany tokony tsy handraraka ilo mby an-doha ireo parlemantera hampiasa ny fahefana am-pelatanana, ka tsy ho mpandany lalàna fotsiny, fa ho mpanara-maso, na ho mpanery ny fahefana mpanatanteraka mihitsy hampihàtra izay nolaniana, ary enga anie tsy ho sanatria hanao mamboly voky tsy mamboly voky ireo olomboafidy ireo, ka satria na tonga mivory na tsia dia mitomboka hatrany ny isan' andro.

***Ny Valosoa***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Nantenaina, kandida Ben'ny tanàna TIM Ambohimanambola**



## Sakafo Ny Valosoa

Henomby sy voatavo indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Azo atao ketsaketsa fotsiny izany, azo atao somary rondrony ihany koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.



## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafody natoraly ny aretina prostate



Fanafody natoraly ny aretina prostate indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Anisan'ny fikorontanana amin'ny aretin'ny prostate, ny tsy fahafahana mipipy na mamany dia iray amin'ireo antony manelingelina indrindra. Matetika ny dokotera dia mampiasa "sonde urinaire" mba hamoahana izany.

Fomba natoraly hitsaboana izaany:

ZAVATRA ILAINA :

Ny ravina papay izay nanary ny tenany ary latsaka tamin'ny tany irery. Aza maka ny ravina papay izay mbola eny ambony ianao fa izay efa latsaka ho azy ety amin'ny tany no tsimponina, satria tsy mandaitra izany.

FIKARAKARANA AZY :

Ho an'ny ravina papay antonony 10 isa. Sasao izany. Ataovy ao anaty vilany izy ireo ary arotsaka amin'izay ny rano madio 03 litatra.

Ampangotrahina mandritry ny 10 minitra. Avelao hangatsiaka.

FIHINANANA AZY

Ampisotroina iray vera ny marary amin'ny maraina, misotro iray vera amin'ny mitataovovonana ary misotro iray vera ny hariva.

FISEHONY

Hipipy na hamany izy ao anatin'ny ora manaraka na afaka fotoana fohy ao anatin'ny 48 ora arakaraka ny hamafin'ny aretina.

Raha ilaina ny fampitomboana ny fatra arakaraka ny fihombon'ny aretina, nefa aza mihoatra ny 6 vera isan'andro.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Joffreville na Ambohitra any Antsiranana II, faritra Diana

Ny tanànan'Ambohitra na Joffreville any amin'ny distrikan'Antsiranana II, faritra Diana indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Ambohitra no anarany amin'ny fiteny gasy, fa ny Joffreville kosa dia avy amin'ny anaran'ny kolonely Frantsay Joseph Joffre, nanangana ity tanàna ity tamin'ny taona 1903, kolonely Frantsay niandraikitra an'i Diego-Suarez izy tamin'izny fotoana izany. Kaominina ambanivohitra ity tanàna ity, 32 km atsimon'Antsiranana no misy azy. Nitobian'ny miaramila Frantsay izy hatramin'ny taona 1973. Ao aminy no misy ny valan-javaboaharim-pirenen'ny Montagne d'Ambre, ary varavarana miditra amin'izany valan-javaboaharim-pirenena tantanin'ny Madagascar National Parks izany ity tanàna ity. Anisan'ny mahasarika mpizahatany maro any an-toerana ny Montagne d'Ambre isan-taona. Any no ahitana ny fambolena katy, halefa mankany Antsiranana sy amin'ny faritra hafa eto amin'ny Nosy.



# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 158), Madagasikara 13 0ktobra 2019

***Jakoba 5: 16-18** "Koa mifaneke heloka hianareo, ary mifampivavaha, mba ho sitrana hianareo. Ny fiàsan'ny fivavaky ny marina dia mahery indrindra. Elia dia olona tahaka antsika ihany, ary izy nahery nivavaka mba tsy hilatsahan'ny ranonorana; dia tsy nilatsaka tamin'ny tany ny ranonorana telo taona sy enim-bolana. Ary nivavaka indray izy, dia nandatsaka ranonorana ny lanitra, ka nahavokatra ny tany."*

Ry izao tontolo izao tsy an-kanavaka ô! Aoka ho fantatrareo fa Elia irery aza no nahery nivavaka dia tsy nilatsaka ny ranonorana telo taona sy enim-bolana. Ary dia nilatsaka indray ny orana ka nahavokatra ny tany. Izany no lanjan'ny VAVAKA ka hoy AHO JEHOVAH aminareo ambany masoandro. Raha olona iray fotsiny re niteraka fahagagana be toy izany, ka raha mba hianareo izay efa betsaka sy maro ireo re no mivavaka miaraka ho an'ny tanàna? Ho an'ny Fiangonana? Ho an'ny mpitondra firenena sy ny firenena ary ny zava-misy ao aminy? Dia tsy ho hitako ve? Tsy ho fantariko ve? Tsy valiako ve? Tsy hohenoiko ve? ***II Tantara 7: 14** "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony, dia hihaino any an-danitra Aho ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny."* Rehefa tsy fantatrareo ny vavaka tokony ataonareo dia miteraka fitsitokotokoana izany, miteraka ady hevitra sy fisarahambazana ary filazan-tena ho zavatra. Ahoana hoy JESOSY raha nampianatra nivavaka IZY: ***Matio 6: 9-15** "Koa aminizany mivavaha toy izao hianareo: Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny anaranao. Ho tonga anie ny fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra. Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay. Ary aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin'ny ratsy. Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo."* IZAHO no iantefan'ny vavaka ataonareo, JEHOVAH no Anarako. Hamasino amin'ny teny hoe: Be Fitiavana, tsy misy mitovy AMIKO, Marina, Masina, Mamindra fo sy Mpamela heloka ao amin'i JESOSY sns...nahoana no takiana ao anaty vavaka ny fahatongavan'ilay FANJAKAKO. Satria io no TANJONA tsy maintsy tratrarin'ny mpivavaka, tsy hoe: takiana ho hita maso na iainana ivelany fotsiny fa tena fiainana anaty mivoaka eo ivelany hanao ny SITRAPOKO JEHOVAH. Izany hoe: ny tiako sy ny programako eo aminareo olombelona dia mba hitovy ny aty an-danitra sy ny eo amin'ny tany. Mety hiteny hianao hoe: izany koa ve dia marina? Dia valiako hoe: marina izany ary azo atao tsara. Satria IZAHO no miteny, IZAHO no miasa, avy AMIKO ny zavadrehetra, avy aty AMIKO izay ilainareo sy izay andrasanareo ka asandrato ny VAVAKA. Izay sahaza anareo dia omena anareo avokoa. Tokony ho takianareo mafy sy tokony inoanareo ary ekenareo marina io FANJAKAKO io. Rehefa tonga eo aminareo izany dia io no nisarika ny zava-tsoan'ny lanitra ho tonga eo aminareo fa tsy hianareo indray no mitady sy mikatsaka etsy sy eroa, toy izao fahitako JEHOVAH anareo ankehitriny izao. Aza adino ilay voalazako tany aloha manao hoe: Ilay FANAHIKO MASINA ao anatinareo ange Ilay FANJAKAN'NY LANITRA e! fa tsy zavatra hafa tsy akory. ***Lioka 17: 21***. Noho izany aoka ho hainareo mpamaky tsara ny manavaka ny Fanjakan'ny Lanitra sy ny fanjakan'ny tany. Samy ampitaovana ireo ka izay an'ny Lanitra dia omena sy mianoka izay avy aty ambony fa izay an'ny tany kosa migoka sy eo amin'ny tany ihany. Izay rehetra manana ny Fanahiko eo anatiny tsy mba manahy ary koa tsy mba manan-tahotra ny amin'izay zavatra ho avy sy zava-misy sy mitranga. Antoka tsara sy mahatoky mantsy ny fananana ilay Fanjakana ao anaty. FANAHY MASINA = FANJAKAN'NY LANITRA ao anaty, ***Matio 6: 19-21***. Aoka ho tokana izay eo aminareo na izay an'ny Lanitra na izay an'ny tany. ***Matio 6: 24***. Satria tsy afaka miaraka ireo fa hifanamavo sy hifampitsara. Tandremo ary fa mananatra anareo mafy AHO JEHOVAH, JESOSY Ilay ambara sy toriana aminareo no ekeo fa tsy olombelona toa anareo, tsy anaran-javatra, tsy olo-malaza, tsy izay asan'ny tanako fa ireny koa dia ho levona ihany, tsy biby, tsy vola, tsy harena, tsy izay fanahin'ny maty ka nanaovany hala-tahaka amin'ny endriky ny velona, indrindra fa ireo fanahy mamitaka anareo ka miasa hatrany anaty Fiangonana, tsy hainareo akory na dia ny manohitra ireny aza. Toy izao no fahitako anareo ankehitriny: indro hianareo fa mivavaka ihany fa manao vavaka haitraitra. Inona moa izany? Toa izay voalaza fa manam-bola sy manan-karena ihany no miditra ao am-piangonana, ary nahoana ry olombelona ô! Fa toa hoatran'ny lasa fitadiavam-bola sy harena ny fanompoana AHY sy ny Fiangonana??? Dia mankaiza izany ny malahelo? Ny sahirana? Ny mahantra? TSIA! TSIA! TSIA! Ry olombelona ô! AMIKO, araky ny famoronana nataoko: tsy misy ambony, ambany, kely; lehibe. Mitovy avokoa fa samy OLOMBELONA. Samy tiako avokoa, samy asan'ny tanako na dia tsy mitovy aza. Na ny fihodirana na ny volo na ny toeram-ponenana na ny fahaizana na ny fihaviana ara-poko na firenena. Tokana ny fanompoana ary IZAHAY no Tompoina. Toa tsy mandohalika intsony hianareo? Aiza ny fiankohofana eo anatrehako? Nahoana no tsy mibebaka intsony? Tsy mitady AHY JEHOVAH? Tsy manaiky an'i JESOSY ho Mpanjaka. Tsy mino ny FANAHY MASINA izay avy AMIKO? TSIA! TSIA! TSIA! Ry olombelona ô! Miverena haingana. Tokana ny Tanjoko aminareo ary aoka tsy ho hadinoina velively. Tsy mitsara izay ananareo AHO afa-tsy ny fanahinareo ho vonjena ihany ka safidio ny FAHAMARINANA izay lazaiko mba tsy ho very hianareo ry mponin'ny tany. TANDREMO! ANTOMOTRA NY ANDRO. Kanefa IZAO NO ANDRO FANAVOTANA. ***I Korintiana 1: 29-30**. "mba tsy hisy nofo hahazo mirehareha eo anatrehako JEHOVAH. Fa avy Aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, Izay nataoko JEHOVAH fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho anareo,"*

Amen!

JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

Telephone : ***033 12 461 43***

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora -12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

AMBATOFITORAHANA

# Basy tefy gasy 2 saron'ny zandary, tafaporitsaka kosa Rabefeno

Basy vita tefy gasy miisa roa no sarona tao Miandrifaikona, kaominina Ambatofitorahana Ambositra ny sabotsy teo. Araka ny loharanom-baovao marimpototra, izay nilaza tamin'ireo Zandary manao hetsika fandriampahalemana ao anatin'ny faritr' Ambatofitorahana dia misy olona atao hoe Rabefeno mitazona basy tsy ara-dalàna ao Miandrifaikona. Nidina tsy nisy hatak'andro teny ifotony ny Zandary. Raha vao nahatazan-davitra anefa Rabefeno dia nitsoaka tany anaty ala. Rehefa nosavaina ny tranony dia sarona tao tokoa ireo basy vita-gasy miisa roa izay nogiazana avy hatrany. Mitohy ny savahao ahitàna an-dRabefeno.


*Ireo basy miisa 2, sarona tany Ambatofitorahana.*

***Ny Valosoa***

Basket-ball 3 x 3

# Hiatrika ny Africa Cup 2019 any Ouganda ny Malagasy

Hiatrika ny Africa Cup 2019 eo amin'ny basketball lalaovin'ny olona 3 na 3 x 3 ny ekipam-pirenena Malagasy, ny tapaky ny volana novambra ho avy izao, any Ouganda. Africa Cup andiany faha-3 no hatao amin'ity taona ity. Ny herinandro teo no efa nanomboka ny fanomanana ataon'ny ekipam-pirenena Malagasy, etsy amin'ny Lapan'ny Fanatanjahantena sy ny kolontsaina Mahamasina.


*Ny ekipam-pirenena Malagasy, eo amin'ny basket-ball 3 x 3.*

Ireo mpanazatra azy ireo dia miisa 3:
- Rina Randrianarisoa
- Deda Randrianarivelo
- Mathieu Rakotomalala.

Ireo mpilalao:
- Arnol Solondrainy
- Francis Mory
- John Ravelomanantsoa
- Fabrice Mandimbison
- Elly Randriamampionona
- Fiary Rakotinirina.

Araka ny nambaran'ny mpanazatra, vonona hitondra avo ny fanevan'I Madagasikara izy ireo any Kampala, hanomboka afaka 20 andro mahery eo.

***Lita***

Haiady TCDCL

# Mikarakara fifaninanana ho an'ny latsaky ny 15 taona

Eo amin'ny sehatry ny haiady, ny komity TDCDCL na Tek Chuan Do Combat Libre dia mikarakara fifaninanana, na competition, ho an'ny ankizy madinika : 15 taona no ho midina ary test de combat, na andrana amin'ny fanaovana ady, ho an'ireo vehivavy lehibe, ao amin'ny TCDCL ny alahady 22 desambra ho avy izao, hanomboka amin'ny 08 ora maraina. Izao no hatao dia hijerena ny sangany amin'ny combat ary koa hiomanana amin'ny fifaninanana nasionaly amin'ny taona 2020 eo amin'ny sehatr 'ity haiady ity. Marihana fa efa mijoro ara-panjakana eto Madagasikara ny TCDCL, izay efa miparitaka manerana nosy . Ny foibeny dia ao amin'ny dojo Rm1 Analakely, ka ny grand maitre Thaina Andrianaivo no mpanorina nitondra ny antsoina hoe combat libre teto Madagasikara. Ankoatra izany, efa misy ihany koa fianarana self defense ho an'ireo vehivavy lehibe isaky ny alahady maraina sy alahady hariva ao amin' ny dojo Rm1 Analakely.

***Lita***


*Ny sasany amin'ireo mpiangaly ny haiady TCDCL.*

TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# Mpanara-dia iray maty, dahalo 2 azo sambo-belona

Tany amin'ny distrikan'I Sakaraha, faritra Atsimo Andrefana, dahalo 2 azo sambobelona, mpanaradia iray lavo, tafaverina ireo omby sy ny takalon'aina roa. Avotra ihany ireo takalon'aina 2 nalain'ny dahalo mitam-piadiana miisa 4 tao Ankaboka Sakaraha. Indrisy anefa fa mpanaradia iray no lavon'ny balan'ireto dahalo ireto, raha tafaverina kosa ireo ombin-tsarety roa, tamin'ny alahady teo. Rehefa nanao fisafoana tany Andranomaintso Sakaraha amin'ny RN7 ny Zandary, notarihin'ny komandin'ny tobim-paritry ny Zandarimaria Sakaraha tamin'izany, nisy fokonolona nanakana ny fiara nentin'izy ireo izay nilavonjy maika. Mpianaka roalahy nitondra sarety haka kitay tao ana-lan'Ankaboka no notafihin'ny dahalo 4 nitondra basy 3. Nalain'ireo dahalo ny omby 2 ary nataony takalon'aina izy mianaka.



*Ireo dahalo azo sambo-belona tany Sakaraha.*

Rehefa naheno izany ny fokonolona dia sady nanaradia no niantso vonjy tamin'ny Zandary. Raikitra ny aradia, ka teo amin'ny Kizo Antatao no velona ny fifandonana raha tonga dia nitifitra ireo dahalo. Lavo ny mpanaradia iray, izay zaodahin'ny tompon'omby, votsotra ireo takalon'aina sy ny omby ary resy tosika ireo dahalo, ka vaky nandositra ary nizara roa ny lalany. Ny roa niverina any anaty ala ary ny roa nahazo tampon-tanety mazava. Ireto farany no nenjehin'ireo Zandary, ka azo sambo-belona niaraka tamin'ny mohara sy basimborona iray. Mitohy ny aradia anaovana hazahao ireo 2 tafatsoaka, naterina ao amin'ny Brigade aloha ireo efa voasambotra.

**Naina**

Sosialy sy toekarena

# Manao tari-drano ankilahila ny fitondrana amin'ny asa fampandrosoana

Tsy hita mazava hatreto ny politika fampandrosoana ny eny ambanivohitra. Manana ny anjara toerany lehibe amin'ny asa tanterahina eny ambanivohitra ny vehivavy tantsaha. Maro an'isa izy ireo, fa mihoatra ny 50% raha ny antontan'isa tamin'ny taona 2018. Raha eo amin'ny antontan'isa ankapobeny koa anefa, dia manodidina ny 45% amin'ny 80% ny Malagasy lazaina ho tantsaha izy ireo. Matoa izany tsy misy fivoarany ny tontolo ambanivohitra eo amin'ny sehatra samihafa, dia tsy voajery firy ny momba ireo vehivavy tantsaha ireo. Tsy re tao anaty programan'asan'ny fitondrana Rajoelina ny momba azy ireo, ary tsy voaresaka firy aza izany tato anatin'ny sivy volana nitondrany ny firenena. Azo lazaina ho natao antsirambina mihitsy aza ny momba azy ireo, raha mahita ny toe-draharaha eny Ambohitrimanjaka amin'izao fotoana izao. Maro ireo renim-pianakaviana mitaraina sy manao antso eny an-toerana, fa toy ny antso an-tany efitra ihany izany. Tsy nisy amin'ireo mpitondra fanjakana na ministra nidina teny an-toerana no nahatsiaro ireo vehivavy tantsaha eny ireo, ary tsy eny ihany fa manerana ny Nosy mihitsy. Tsy nomendanja ary tsy laharam-pahamehana ny fanatsarampiainana sy fampivoarana ny fiainan'ny vehivavy tantsaha eto Madagasikara hatreto raha ny fahitana ny zava-misy amin'ny fitantanam-pirenena. Midika izany fa manao taridrano ankilahila ity fitondrana Rajoelina ity, eo amin'ny sehatry ny fampandrosoam-pirenena, ka ny very no betsaka. Io politika na fomba fiasa io anefa maneho sary mazava amin'ny tsy fahaizamitantana sy tsy fananana traikefa. Andro iraisampirenena ho an'ny vehivavy tantsaha ity andro 15 Oktobra ity. Ho ampiesonina amin'ny resabe indray ireo vehivavy tantsaha Malagasy, fa ny masaka ao an-dohan'ny fitondrana dia fitsinjovana ireo mpandraharaha vahiny na teratany mpanefoefo amin'ny fanomezana tanimbary hototofana hiketrehana bizina vaovao.

**Radafy**

Ady amin'ny zava-mahadomelina

# Fitaovana iray azo ampiasaina tsara ny horonan-tsarimihetsika

Mikaroka zava-baovao fa tsy mianona fotsiny amin' ny efa fanao mahazatra amin'ny ady amin'ny fidorohana zava-mahadomelina. Io no nataon'ny Sampana Vokovoko Manga sy ny Rantsana ao amin'ny fiangonana Fjkm Antso Mahatoky Fenoarivo tamin'ny hetsika nokarakarain'izy ireo ny volana Jona, ka hatramin'ny Aogositra 2019. Fifaninanana horonan-tsarimihetsika fohy tsy mihoatra ny 15 min no natao tao anatin'izany, ka ny tanjona dia ho mora kokoa ny fampitàna amin'ny alalan'ny sarimihetsika, mba tsy hitenenana lava eny amin'ny piolipitra ny amin'ny ady amin'ny zava-mahadomelina.

Niisa dimy avy amin'ny fiangonana sy fikambanana samihafa no nandray anjara tamin'izany. Ny alahady 06 Oktobra lasa teo no nanaovana ny famaranana, ka ny ekipan'ny « NY MAZAVA » izay notarihin'i Tovohery Rabenja Andrianavo, na fantatry ny tily amin'ny anarana hoe « Trakala », no nahazo ny voalohany tamin'ny fifaninanana. Antony nahazoany ny voalohany, teo ny nampiavaka ny sangan'asa : nisy fikarohana manokana natao tao anatiny ; ilay toerana nanaovana ny « tournage » ( hopitaly , fiangonana), izay sarotra ny nanao azy kanefa vitan'izy ireo ; nisy ihany koa ny tsy nampoizin'ny mpijery izay tsy araka ny noheveran'ny fizotry ny tantara ao anatiny na « Effet de surprise ». Hevitra roa lehibe no nampitaina tao anatin'ny sarimihetsika : 1) Ratsy ny zava-mahadomelina (na ho an'ny tenany, na ho an'ny manodidina azy) ; 2) Jesoa Kristy no manafaka ho an'ny olona manapa-kevitra hiala. Amboara sy lelavola, fiofanana atolotry ny Scoop digital sy NT Jolywood ary zavatra samihafa maripahatsiarovana no loka natolotra.



*Izy 4 mianadahy nahazo loka voalohany tamin'ny fifaninanana.*

Nambaran'i Trakala, izay mpanoratra – mpanatontosa - Encadreur-monteur, fa tolo-tsain'ny Fanahy Masina no nahatonga azy handray anjara; teo ny fanampian'Andriamanitra tamin'ny famitana ny « tournage » sy ny fiatrehana ny fifaninanana, ary dia izy no omena voninahitra, hoy izy. Misy 4 mianadahy no mandrafitra ny ekipany, ary hiroso amin'ny lafiny matihanina kokoa eo amin'ny sarimihetsika ara-pilazantsara izy ireo. Faniriany ny fanohanana hahatongavana amin'izany, indrindra ny ara-pitaovana.

**Aris**

Hopitaly « Pavillon Sainte Fleur »

# Nisantatra ny fankalazana ny faha 20 taonany tetsy amin'ny CHU HJRA

Fotoam-pivavahana lehibe izay natao tetsy amin'ny kianja filakaovam-baolina ny Hopitaly HJRA Ampefiloha, no nisantarana ny fanamarihana ny faha 20 taonan'ny Hopitaly « Pavillon Sainte Fleur » ny faran'ny herinandro teo. Fotoam-bavaka notarihin'ny Nonce Apostolika, niaraka tamin'ny tompon'andraikitra arapahasalamana, ny Masoivohon'ny « Ordre de Malte », sy ny mpiandraikitra eny anivon'ny Hopitaly HJRA sy ny Pavillon Hopitaly « Sainte Fleur » ary ireo fikambanana misehatra amin'ny fanatsarana ny fahasalaman'ny Reny sy ny zaza. Nitohy tamin'ny varavarana misokatra ho an'ny Siantifika, izay notanetrahina tetsy amin'ny Amphi HJRA ny izany, teo ihany koa tranoheva maro samy hafa nampahafantatra ny asan'ireo mpisehatra ho fampivoarana ny tontolon'ny Reny sy ny zaza. Nilaza Dokotera Randrianarijaona Paul Jocelyn, Anesthesiste et reanimation no sady mpandrindra ny fankalazana, fa nanamarika ny faha 20 taonan 'ny Hopitaly «Pavillon Sainte Fleur » ny fiakarana 20 avo heny ny isan'ny Reny niteraka tao amin'ny Hopitaly sy ny fihenan'ny fahafatesan'ny olona marary, izayraisin'ny «Pavillon Sainte Fleur ». Anisan'ny nanamarika ny faha 20 taona hoy Randrianarijaona Paul Jocelyn ny fanatsarana sy ny fanitarana ary ny fanavaozana ny fotodrafitr'asan'ny Hopitaly. Nisy ihany koa hoy ity mpandrindra ny fankalazana ity ny fampiofanana ireo Dokotera manam-pahaizana manokana ; ny mpitsabo mpanampy ; ireo « Infirmier »sy « Sage femme » ; ireo mpandraharaha sy ny mpiasa madinika rehetra. Nanohy nanazava izy, fa ny fiahiana ny fahasalaman'ny Reny sy ny zaza no tanjon'ny Hopitaly « Pavillon Sainte Fleur ». Marihina fa rantsamangaikan'ny Hopitaly HJRA ny Hopitaly « Pavillon Sainte Fleur », tohanan 'ny Ordre de Malte, izaymampiasa olona maherin'ny 120 . Tsiahivina fa ho tantetrahina amin'ny 23 Novambra 2019 ho avy izao ny ivon'ny fankalazana ny faha 20 taonan'ny Hopitaly « Pavillon Sainte Fleur » ary faranana amin'ny faran'ny volana Febroary 2020 ho avy izao.

**Franck Razakambelo**



*Takela-bato fahatsiarovana ny faha-20 taonan'ny Pavillon Sainte Fleur etsy Ampefiloha.*

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy, indrindra ireo mponina eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina. Faly miarahaba antsika rehetra, indrindra ireo mipetraka eny Ambohitrimanjaka sy ny manodidina, ity mba misy toro hevitra kely avy aty @kou, maninona mou nareo mponina Ambohitrimanjaka rehetra migrevy ireo raha tonga eo @ny le tanimbary totofana no mitokona, de zay camion manototra tany eo tonga dia asaina miverina, bahanana ny lalana @zay le camion mitondra tany tsy afak eo, satria le mandeha @ny arabe ohatrany tsy misy dikany ihany, satria le olona ery @ny arabe, ny camion etsy manototra tany ihany. Be ny toerana avo azo anaovana Tanamasoandro, Père Pedro izao eny amin'ny havoana Ambohimahitsy no nahavita tanàna, tokony hatao toy izany koa ny Tanamasoandro.

***Claudia Ramanirakarivo***
***Lot III- V… Anosizato Atsinanana,***
***Antananarivo***

NY VALOSOA VAOVAO
Dokam-barotra
Tél. 034 79 076 00

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE 12/10/19 hatramin'ny 19/10/19**

- **HARY SOA** (Besarety) 020 22 379 17 / 034 54 481 48
- **PROGRES** (Analakely) 020 22 207 06/ 020 22 307 17
- **DE LA CROIX DU SUD** (Antanimena en face imprimerie NIAG) 020 22 220 59 / 032 05 656 56
- **M PHARMACIE** (Imm MAMA Ambalavao Isotry) 034 02 652 55/020 22 665 22
- **TOKY** (Andrefan'Ambohijanahary) 020 22 264 41/032 04 090 54

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY MATEX Imprimerie**

Fametrahana 966-10-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MIJALY RANO NY MPONINA

## Matsaka amin'ny renirano hatramin'ny orinasa afaka haba

Mijaly rano ihany koa ny mponina eto Antananarivo sy ny manodidina amin' izao fotoana. Maka rano eny an-drenirano hatramin'ny orinasa afaka haba ankehitriny ireo orinasa eto an-drenivohitra sy ny manodidina. Mizaka ny olana amin'ny famatsian-drano ihany koa ireo orinasa afak haba eto an-drenivohitra, indrindra ireo miasa amin'ny seha-try ny « textile » na ny fanaovan-damba, mamokatra akanjo. Fotoana mahabetsaka ny kaomandy izao, ary nampiditra mpiasa ny ankamaroan' ireo orinasa afaka haba ireo, hanenjehana izany ara-potoana. Voatery matsaka eny anan-drenirano ny «Zone Franche» sasany amin'ny fanatanterahana ny asa, ao koa ireo orinasa mamokatra jiro ho azy manokana noho ny halafosan'ny angôvon' aratry ny Jirama, nefa matetika tapaka. Vao mitsidika anefa ity ny vanim-potoanan'ny lohataona maintany, ka asa hanao ahoana ny mponina sy ny orinasa eto an-drenivohitra sy ny manodidina mandra-pahatongan'ny fotoanan'ny orana amin' ny volana desambra any.

***Aly***

Festival Jerijery andiany faha-17-Vavatenina

## Ho tanterahana ny 31 oktobra-03 novambra

Hotanterahana ny 31 okotobra, ka hatramin'ny 03 novambra ho avy izao any Vavatenina, faritra Analanjirofo ny Festival Jerijery andiany faha-17. Efa miomana handray izany ny tanànan'i Vavatenina. Hisy fifaninanana vakodrazana sy dihy, «Miss Jerijery», fifaninanana ara-panatanjahantena toy ny baolina kitra, basket-ball, tsipy kanetibe ary koa adin'akoho. Nahafantaran'ny olona bebe kokoa an'i Vavatenina ny « Festival Jerijery », nivoatra nanaraka an'izay koa ny fanorenana fotodrafitrasa fandraisam-bahiny. Mpanakanto maro no hanafana ny fotoana, toa an-dry Vaiavy Chila, Mario, Ramilison Besigara, Zaza Kanto. Tanjona amin'izao hetsika izao ny fampiroboroboana ny kolontsaina sy ny fizahantany ary indrindra ny lafiny toekarena any amin'iny faritra Analanjirofo iny.



*Ny tanànan'i Vavatenina, any amin'ny faritra Analanjirofo.*

***Aly***

Tranombarotra Baolai

## Nahatonga entana maro, loha-laharana amin'ny kalitao

Ao anatin'ny vanim-potoanan'ny fialan-tsasatra toy izao, dia isan'ireo izay manavao ny tolotra omeny ny tranombarotra «Baolai ». « Ho an'ireo izay liana amin'ireo « stand » mbola azo hofaina ao amin'ny « Zoma Center » eo ampitan'ny Epp Analakely, dia etsy Soarano ao amin'ny Baolai ny fanampin-panazavana. Ankoatran'izay, dia vao nahatonga entana maro isan-karazany izahay, izay loha-laharana amin 'ny kalitao hatrany. Natao mifanaraka amin 'ny filana sy ny fahefamividin'ny tsirairay. Ao ny: finday, smart tv sy télé led ( misy antoka 1 taona ) misy manomboka amin'ny 19 hatramin'ny 100 pouces, réfrigérateur, subwoofer, machine à laver, brushing, four micro-onde, caméra de surveillance à distance, synthétiseur, lecteur divx/dvd, sns... », hoy ny tompon 'andraikitra. Ny toerana ahitana an'ity Tranombarotra ity dia ao : Bazar be Toamasina, Analakely: eo ampitan'ny biraon'ny kaominina (eo akaikin'ny arrêt taxi be 137), Avenue de l'Indépendance sy eo ampitan'ny Epp, ary etsy Soarano (eo ampitan'ny Firaisana I, ao amin'ny Seg ary eo ampitan'ny Epp Soarano) », hoy ihany ny tompon 'andraikitra. Dia hahafinaritra tokoa ity faran'ny volana Oktobra 2019 ity miaraka amin'ny entana tsara kalitao, hita ao amin'ny tranombarotra « Baolai ».

***Aly***




*Trano fivarotana mbola azo hofaina, ao amin'ny Zoma Center, ampitan'ny EPP Analakely.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 297**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0296)

***Mitsivalana***
- Sakalava
- Arina – Ry (Miv)
- Malina
- Aminao
- Ro (Miv) – Aty (Miv)
- Noely
- Avo – Voay (Miv)

***Mitsangana***
- Sampona
- Ara – Rov(a)
- Kila – Eo
- Lamina (Miv)
- Lany – YY
- Any
- Vy – Atao
- Aotra (Miv)

### TENY MIFANARAKA N° 297




**Mitsivalana**

**1.** Mpanakanto fahiny – Tsirin-teny Mpanao (Miv) **2.** Entimilaza – Nanaisotra **3.** Nandroso – Anaty rano **4.** Tiana – Fafa **5.** Lasopy, sakafo – Ao amin'ny mozika **6.** Mafana (Miv) – Teny fanairana **7.** Tampisaka – Foto-tenin'ny fonenana **8.** Ao anaty taolana – Kianteny (Miv) **9.** Saro-bahana indraindray **10.** Harena – Fianakaviana sambatra

**Mitsangana**

**A.** Ikopa, sisaony **B.** Hazan-drano – Haja sy voninahitra **D.** Faran-teny – Sahala (Miv) **E.** Fihaonam-be – Kanto **F.** Manakoako (Miv) – Simba, masiso (Miv) **G.** Sokafy – Firinga (Miv) **H.** Tsirin-teny Iharana – Vatany **I.** Tsinjaka – Matanjaka **J.** Mpanoritra – Nofy tapany **K.** Manadihady, manadina

### Valiny Teny mifanaraka 0296

**Mitsivalana**

1. Seranana 2. Mahalala (Miv) 3. Savony 4. Manolo (Miv) - Lao 5. (O)tra - Arahana 6. (O)ry - Rotary 7. Rava (Miv) - Noa (Miv) 8. Niadina (Miv) 9. Ar - Mi - Na 10. Tiana (Miv) - Tao

**Mitsangana**

A- Sosotra - Ma B. Ovala (Miv) D. Rava - Ao E. Alana - Rary F. Nanary G. Miaramila (Miv) H. Na - Haody I. Antalaha (Miv) J. (R)ano - Ina K. Ambaninao



Ny kandidà Ben'ny tanàna Tiako Madagasikara, N°1 kaominina Sambaina Manjakandriana, Ravonjiarivelo Samuel